## Marathon International de Tana

# 1 500 000 Ar ny loka miandry ny voalohany

Ho tapaka ny lalana eto Antananarivo Renivohitra sy ny manodidina ny 16 oktobra ho avy. Hotanterahina amin'io andro io mantsy ilay hetsika 'Marathon International de Tana" andiany faha-16 karakarain'ny World Trade Center Antananarivo sy Federasiona malagasin'ny atletisma ka eo anoloan'ny lapan'ny tanànan'Analakely ny fiaingana. Afaka mandray anjara avokoa ny rehetra raha araka ny resaka nifanaovana tamin'ny tompon'andraikitra omaly. Anisan'izany ny ankizy 5 ka hatramin'ny 13 taona, handray anjara amin'ilay halaviran-dalana 1 km saingy tsy maintsy tomombana ara-pahasalamana ary arahin'ny ray amandreniny ihany koa. Ho an'ireo handray anjara amin'ilay halaviran-dalana 42 km indray dia tsy maintsy nahazo taratasy manamarina ny fahasalamany avy any amin'ny dokotera mba hahafahany miatrika izany raha natokana ho an'ireo efa za-draharaha amin'ny hazakazaka kosa ny halaviran-dalana ambiny sisa.1 500 000 Ar moa ny loka hatolotra ho an'izay mahazo ny laharana voalohany amin'izany ho an'ny isan-tsokajiny ankoatra ny loka hafa hatolotr'ireo mpanohana maro samihafa.

***Pati***